

ALAHADY 1 Fiavian'ny TOMPO - TAONA A



"Koa aoka ary ho vonona koa ianareo, fa ho avy amin'ny ora tsy ampoizinareo ny Zanak'olona"

Ry kristianina havana, avy nankalaza ny famaranana ny Sinaody faha-7 tapany voalohany isika ka mbola mitamberina ao an-tsaintsika ireny fankalazana maro natao nankalazana an'izany ary miaraka misaotra an'Andriamanitra isika amin'ny fahasoavana rehetra noraisintsika. Tsy tanjona anefa izy ireny fa indrindra araka ny voalazantsika hoe tapany voalohany fa dingana sarobidy amin'izao fiarahantsika dia, Sinaody, izao. Manao depart vaovao, hoy isika, ahafahantsika miroso lalindalina kokoa hahatonga antsika ho EOY, Eglizy Olo velomin'ny Batemy, miombona, miara-dalana, mandray an-tanana irahina ho tabernakla velona.

Ny fankalazana tokoa no mifarana fa ny fiainana azy dia manomboka amin'izao araka ny torolalana nosoritana amintsika ireny. Italahoantsika mandrakariva ny Fanahy Masina hahatonga antsika ho fianakaviana "eglizy kely" miara-mivavaka mandalina ny finoana.

Manomboka eto, miaraka amin'ny fanombohan'ny Taona Pastôraly, no idirantsika amin'ny tapany faharoa amin'ny fiarahan-dia amin'ny taom-pikatrohana pastoraly dia ny fikolokoloana ny tontolo iainana. Marina fa efa taona maromaro isika no nametraka IO RAFITRA IO fa amin'izao Sinaody izao kosa no hametraka torolalana mazava kokoa mba hahatonga azy ho fiainana satria ny tanjona ho antsika dia ny ho diosezy maintso, loko izay manambara fanantenana rahateo ka mampirisika antsika hiroso amin'ny lalindalina kokoa amin'ny fampitraofana ny finoana sy ny finoana andavanandro. Ny zava-misy tato ho ato koa manosika antsika rahateo. Mitombo ny motro etsy eroa ary miaraka amin'ny herisetra. Io no mahatonga antsika mamerimberina matetika : izay mampiasa motro MANDORO ALA MANONO TARANAKA fa izay mamboly kakazo mizara, manome aina.

Voalazantsika ary antintraterina eto fa mila "changement radical de comportement" izany. Mila fiovam-penitra mahery vaika vokatry ny fibebahana marina. Izany indrindra ny ANTSO

AVO AMIN'IZAO AVENT FIAVIANA IZAO. Andro fibebahana marina mitondra amin'ny fankalazana ny Noely, fankalazana ny fahateran'ny Mpamonjy. Ho noely hitondra fihavaozana tokoa ho antsika eto amin'ny diosezy.

Vakiteny I: lz. 2, 1-5
Salamo : Sal. 121 Vakiteny
II: Rom. 13, 11-14 Fvanielv
: Mt 24 37-44

Tanteraka izay fiovam-penitra mahery vaika izay raha fo mitempo fitiavana an'i Kristy, raha fon'Andriamanitra tokoa ny antsika ka ho fo mitondra fihavanana sy feno fitiavana no manjaka amin'ny tananantsika tsirairay sy eto anivon'ny diosezy : ho mason'Andriamanitra ny fomba fijerintsika ny manodidina antsika na olo na zava-boaarysy

ho ny fon'Andriamanitra no ifandraisantsika amin'izy ireo amin'izay dia ho FENO FANAJANA TANTERAKA ka lavitra ny fanaratsiana, ny hetraketra sy ny ratsy rehetra.

Fanahin'Andriamanitra no irintsika hanentana antsika hiaina ao anatin'ny fahamarinana ka ho lavitra antsika ny risoriso sy ny fitapitaka fa mba hiaina ao anatin'ny fiadanana isika.

Ho t'anan'Andriamanitra no hifandraisantsika amin'izay dia t'ánana hamitram-pihavanana ka hanjaka amintsika tsirairay ato amin'ny diosezy ny tena fiadanana sy fihavanana marina tokoa izany hoe fihavanana sady kristianina no malagasy.

Ho vavan'Andriamanitra ny vavantsika mba tsy hanaratsy olona isika fa hanatsara sy hikatsaka mandrakariva ny soa iombonana ka hanana vava entina hidera sy hanome voninahitra an'Andriamanitra.

Amin'izao dia hanomboka ny taona litorjika vaovao isika, rehefa vaovao ny taona dia mifampiarahaba no atao. Koa faly miarahaba antsika tsirairay avy amin'izao Alahady voalohany Fiaviana izao.

Taona vaovao izay ho entintsika handalinantsika ny finoantsika ho taonan'ny FINOANA, taona marim-pototra, ho latsa-paka ao amintsika ny finoana amin'izay hahay hampitraotra ny finoana sy ny fiainana andavanandro isika. Taona entintsika mivelona ireo voafaritra anatin'ny torolalana notapahintsika tany Vohémar. ANTSOINTSIKA HOE TOROLALAN'I VOHEMAR mba ho mora tadidintsika.

Ny tenin'Andriamanitra androany dia misarika ny saintsika amin'ny fiaviana sy fahatongavan'ny Tompo. Fantantsika ry Kristianina havana fa efa tonga teto anivontsika tokoa ny Tompo roa arivo taona lasa, izy tonga nofo ary io no ankalazaintsika amin'ny famindrampon'Andriamanitra dia tsy iza fa i Kristy, izy ilay endrik'Andriamanitra.–Nirahin'Andriamanitra izy hanambara fa tsy lavitra an'Andriamanitra isika, ilay Andriamanitra Trinité, tiany hiombona aminy isika ary izay no ankalazaintsika amin'ny Noely. Ny fankalazana ataontsika dia tsy hoe mahatsiaro, na hoe "anniversaire" ny Noely fa fankalazana izay midika sady mahatsiaro isika no mivelona.

Ilaina ny fahatsiarovana satria mamelombelona fa ny tena zava-dehibe dia ny mivelona sy

miaina an'izany fa eto anivontsika tokoa ny Tompo.

Noho izy tonga nofo dia ao am-pontsika tsirairay avy i Kristy, ao amin'ny Eglizy ka hivelomantsika fa indrindra amin'ny alalan'ny sakramenta sy ny tenin'Andriamanitra ary ny fiainantsika dia tonga eo anivontsika tokoa ny Tompo.

Ny fahatongavana izay efa santarintsika dia ny fiverenany amim-boninahitra izay andrasantsika, ny fiavian'i Kristy amin'ny fomba manetriketrika ka hanehoany ny maha mpanjaka sy Andriamanitra mahefa ny zavatra rehetra azy. Tsara ampahatsiahivana izany amin'izao fanombohana ny taona litorjika vaovao izao ka handalinantsika ny finonantsika.

Azo fintinina tahaka izao ny fampianarana tian'ny Eglizy omena antsika amin'izao Alahady voalohany Fiaviana izao :

- **Asain' Andriamanitra miambina tokoa isika**, tsy hoe an-katahorana satria tsy Andriamanitra lavitra izy fa Andriamanitra manakaiky antsika no sady be famindram-po, izay no efa nambaran'i Kristy izay eo anivontsika mandrakariva ka an-kafaliana no andraisantsika azy.

- **Asain'Andriamanitra hifaly isika**, tsy hoe hafaliana hita avy ety ivelany fotsiny fa hafaliana ao anatin'ny fo vokatry ny fiadanana izay entin'i Kristy eto anivontsika satria izay no dikan'ny nahatongavan'i Kristy eto anivontsika, izy Emanoela, izay no Noely ankalazaintsika dia i Kristy Fiadanana sy tena fitiavana.

Mampianatra antsika ny tena fitiavana sy tena maha-olona antsika i Kristy ary noharian'Andriamanitra hitovy endrika aminy isika ary ny endrik'Andriamanitra dia ny fitiavana, izany no anjaram-piainantsika, io no mahatonga antsika miandry an-kafaliana ny fiavian'ny Tompo.

- **Asain'Andriamanitra ho feno fanantenana isika** tsy hoe ho kivy isika satria lavitra Andriamanitra ary ao anaty fahasahiranana isika ary aza manonofy isika fa raha mivelona ny finoana isika fa indrindra amin'izao taonan'ny finoana izao dia hitondra fanantenana be satria hiova ny fifandraisantsika amin'Andriamanitra ary eo anivontsika izy. Rehefa eo anivontsika izy dia miova ny fifandraisantsika samy olombelona sy ny amin'ny tontolo iainantsika ka feno fanantenana isika.

Efa voalazantsika rahateo fa ho diosezy maintso ny diosezintsika. Maintso midika fanantenana ka hitondra hery vaovao sy aim-baovao ho antsika satria raha voakolokolo tsara dia mitondra an'izany fanantenana izany.

Raha fintinina ireo ezaka hiainantsika ireo dia ilaina ny fibebahana. Izao fiavian'ny Tompo izao dia vanim-potoana anasana antsika hibebaka, hanavao ny fontsika, izay anasana antsika hanohy hiaina ireny tapaka tany Vohémar ireny.

Manambara rahateo ireo vakiteny telo androany ny amin'ny hiainantsika mandritra izao herinandro voalohany Fiaviana izao : Hibebaka isika hiandry an-kafaliana ka hiomana amin'izany araka ny voalazan'i Jesoa ao amin'ny evanjely : *"Koa miambena àry, fa tsy*

fantatrareo izay tapak'andro hiavian'ny Tomponareo".

Na dia tsy fantantsika aza ny ora, ny fotoana dia hiezaka an-kafaliana isika hanomana ny fo
amam-panahintsika amin'ny alalan'ny fibebahana tahaka ny voalazan'i Md Paoly amin'ny
vakiteny faharoa : " Izao tokoa ny vanim-potoana tsara indrindra ary efa akaiky ny famonjena
antsika"

Aoka àry isika mba hanana fo feno finoana ka ho vonona hibebaka sy hanavao ny fiainantsika.
Ny vakiteny voalohany bokin'Izaia mpaminany dia nanambara fa ho feno fanantenana isika,
raha tonga tokoa ny fotoana dia hanangona antsika rehetra izy ka dia hiadana isika amin'izay.

Ry Kristianina havana hararaoty izao fotoana izao mba hivelomantsika bebe kokoa ny maha-
Kristianina antsika sady izany rahateo ny fiomanana ho antsika ka hizara ny fanantenana isika.
Raha eo amintsika ny fanantenana, tsy hoe fanantenana manonofy izany fa mila mivahatra
amin'ny fiainantsika andavanandro araka ny efa voalazantsika matetika, mahay mampitraotra
ny finoana sy ny fiainana andavanandro.

Ry Jesoa Kristy Tompo o, manasa anay hiomana amin'ny fiavianao ianao izay tsy lavitra fa eo
anivonay. Nilaza taminay ianao mba hiambina ao anatin'ny hafaliana sy fanantenana, ka enga
anie ny fiainanay manontolo hanambara fa ianao tokoa no manazava anay ka tsy ho hisy
hahatahotra anay. Miambina izahay raha vonona manaja ny fifandraisanay na amin'ny zava-
boaary na izahay samy izahay ary indrindra amin'Andriamanitra Ray. Ho tonga ianao ka hahay
handray anao anie izahay amin'ny fiainanay, amin'ny eritreritray, amin'ny adidy ataonay
rehetra, handray an-tanana ny Eglizy tokoa anie izahay dia ho vavolombelonao eo amin'ny
fiainanay, ho fanasina sy fahazavana amin'ireo manodidina anay fa indrindra ho an'ireo izay
mbola tsy mahalala anao.

Masina Maria, Reny nahay niomana nandray an'I Jesoa ianao ka ampio izahay hahay hiomana
tokoa amin'ny fanatsarana ny fiainanay mba ho fiainana misy an'Andriamanitra. Md Josefa Ray
Mpiaron'ny Eglizy, ampianaro izahay hahay handray an'I Jesoa eo amin'ny fiainanay
andavanandro. Amen

Mompera Arseveka Mgr Benjamin Ramaroson